ITAOSY 4

# LEHILAHY HITA FATY, NISY TSATOKA ANTSY NY VATANY

MARINA IZANY ! 7

## MANKANY MANKANY VE...

Gazetiko
www.gazetiko.mg

DIOSEZIN'I TOLAGNARO 2

## NAHAZO EVEKA VAOVAO MOMPERA LUC OLIVIER RAZAFITSIMIALONA



Laharana 7738 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 06 desambra 2023

TARIKA JOHARY 2

## EFA TAPITRA NY TAPAKILA

RAHARAHA NJIVA R. 3

## MITAONA NY MPITIA KITRA HO TONY NY MPANAZATRA RÔRÔ

NAIVO RAHOLDINA 8



## "KIANJA HO AN'NY VAHOAKA IO AO TSARAHONENANA IO"

FILANKEVITRA AMBONIN'NY MPITSARA 7

# NIKIRAKIRA RAHARAHA 3 188 NANDRITRA NY TAOMPIASANA 2021-2023



COP 28 8

# NIANTSO IREO MPIARA-MIOMBONA ANTOKA NY MINISITRY NY RANO MALAGASY






Mompera Luc Olivier Razafitsimialona

# Notendren'ny Papa François ho Evekan'ny Diosezin'i Tolagnaro

Neken’ny Ray Masina, Papa Fransoà, ny fangatahan’ny Mgr Vincent Rakotozafy hitsahatra amin’ny maha mpiandry ondry azy ao amin’ ny Diosezin’i Tolagnaro. Niaraka tamin’izany dia notendreny ho Eveka vaovao hitantana io Diosezy io ny Mompera Luc Olivier Razafitsimialona, izay “économe” ao amin’ny Seminera Zokiny Md Joany Batista ao Vohitsoa, hatramin’izao. Ny Mompera Luc Olivier Razafitsimialona moa dia teraka ny 10 oktobra 1969 tao Ambovombe, Ambositra. Ny 19 aprily 1998 izy no nohamasinina ho diakra tao Ihosy, ary ny taona 1998 ksoa no nohamasina ho Prerta tao Betroka, ary izao voatendry ho ho Evekan’ny Diosezin’i Tolagnaro izao. Nandalo dingana maro izy vao lasa pretra, satria dia nianatra tao amin’ny Seminera Zandriny Immaculée Conception tany Farafangana ary nitohy tao amin’ny Seminera Zandriny Antsirabe, nahazoany ny Baccalauréat série A2. Nanohy fianarana Filozofia, Teolojia dingana voalohany sy faharoa tao amin’ny seminera zokiny tao Fianarantsoa hatramin’ny 1990 ka hatramin’ny taona 1998, ary nahazo ny “Licence canonique en Théologie” tao amin’ny ICM ny taona 2000. Nanohy ny fianarany tany ivelany izy ka ny taona 2018 no nahazo ny « Doctorat en Théologie » tao amin’ny “Université de Fribourg” – Suisse. Maro ny toerana nalehany sy nandraisana andraikitra, raha tsy hilaza afa-tsy ny ny tao amin’ny diosezin’Ihosy, fa talohan’ny nanendrena azy ho Evekan’i Taolagnaro izao dia Aomonien’ny hopitaly cantonal-n’i Fribourg tao Ihosy sy Fianarantsoa izy nanomboka ny 2019. Mpikambana tao amin’ny Filankevitra ekonomikan’ny Diosezin’ Ihosy sady mpikambana tao amin’ny “Collège des consulteurs”, Dosezin’Ihosy. Ankoatra izay dia sady sekreteran’ny evekan’Ihosy ihany ko izy. Ny tena nahafantaran’ny mpino azy anefa dia mpanabe tao amin’ny Seminera Zokiny ao Vohitsoa sy tao amin’ny “Institut Supérieur Salésien de Philosophie “(St Thomas d’Aquin), fa izy ihany koa dia sady “économe” tao amin’ny Seminera Zokiny Interdiocésain Saint Jean Baptiste ao Vohitsoa.



Nandalo dingana maro, nandrato fahalalana tany ivelany ary nampandroso ny fiangonana vao tonga teo amin'ny toerana maha Eveka azy ny Mopera Razafitsimialona Luc Olivier.

Tiaray R

Tarika Johary - Phô Resto Ivato

# Efatra andro mialoha dia efa tapitra ny tapakila

Tapitra ny fiandohan’ny herinandro teo sahady ny tapakila. Tsy misy intsony ny toerana ao amin’ny Phô Resto Ivato, toerana hanatanterahan’ny tarika Johary fiakarana an-tsehatra ny zoma 8 desambra 2023 izao. Izany hoe efatra andro alohan’ny fotoana no najifa ny tapakila fidirana. Koa ho fanomezana fahafaham-po ireo mpankafy ny tarika dia efa misokatra sahady ny famandrihan-toerana amin’ny hetsika hotanterahin’ny tarika ny 22 desambra 2023 izao. Amin’io fotoana io indray vao hisy ny toerana sy ny fotoana hahafahan’ny tarika mihaona amin’ny mpankafy azy ireo eto andrenivohitra. Fa inona no tsiambaratelon’iry voalohany no lany vetivety ny tapakila ?

-Ny fikambanan’ny maintimolaly tao amin’ny sekoly CEG Soavimasoandro no mikarakara ny hetsika. Moramora kokoa tamin’izy ireo ny nivarotra ny tapakila ka vetivety dia najifa. Ireto maintimolaly ireo dia manana tanjona ny hanatsara ny sekoly sy ny fiainan’ny mpianatra ao amin’io CEG io, satria mahita izy ireo fa mila fanamboarana ny sekoly ary zanak’olona sahirana ny ankamaroan’ ireo mandranto fahalalana ao. Nanomboka tamin’ny taona lasa izy ireo no nivondrona, izay miely patrana hatrany ampitan-dranomasina. Efa nisy ny ezaka nataon’izy ireo tamin’ny taon-dasa fa hitatra amin’ny sehatrasa maro izany.



Miaka-tsehatra matetika ry Johary tato ho ato.

Fy

AFT Andavamamba - JAD

# Mikarakara fifaninanana fandraisam-pitenenana ho an’ny mpianatra kilasy 1ère

Miverina indray ilay fifaninanana fandraisam-pitenenana ho an’ny mpianatra kilasy 1ère rehetra, izay karakarain’ny “Alliance Française” etsy Andavamamba miaraka amin’ny fikambanana Jeunes Aujourd’hui pour Demain (JAD). Efa misokatra amin’izao ny fisoratana anarana ho an’izay te handray anjara amin’ izany. Marihina moa fa alohan’ny 24 janoary izao no fara-fandraisana ny antontan-taratasy ho an’ny mpandray anjara tsirairay, ka dieny izao dia efa entanina haka ny ny andinindininy mahakasika izany izay liana. Maimaimpoana moa ny fisoratana anarana. Eny amin’ny AFT Andavamamba ihany no angalana izay taratasy fisoratana anarana izay ary ho hita miaraka amin’izany ihany koa ireo karazan-dohahevitra azon’ny mpandray anjara tsirairay isafidianana. Miresaka izay indrindra dia tsara ny manamarika fa mizara telo ny zavatra azo isafidianana. Ny voalohany mamaly fanontaniana, misy maro azo isafidinana, ka iny no velabelarina sy tohanana. Ny faharoa kosa dia ny karazan’ohapitenena (citation), ary ny fahatelo dia ny zava-misy azo tsikeraina (faits à commenter). Omena 06 minitra avy moa ireo mpandray anjara amin’ny fandraisam-pitenenana ataony hanohanana sy hamelabelarany ny heviny. Raha mihoatra io fe-potoana io kosa ny itenenana dia raraka avy hatrany. Mizara roa kosa ny dingana hatrehin’ny mpandray anjara. Misy atao ao amin’ny AFT, dingana fifanintsanana atao ny 07 sy 09 febroary 2024. Ny manasa-dalana sy ny famaranana kosa hotanterahina any La réunion ny 06 hatramin’ny 13 marsa 2024. Marihina fa izay voatazona tao amin’ny dingana voalohany no mandeha miatrika ny famaranana any La Réunion. Tsara ny manamarika fa firenena efatra ankoatra ny eto Madagasikara no mandray anjara amin’ity dia i Mayotte, Maurice, Seychelles ary Comores. Ho hita eo indray araka izany izay firenena hibata ny amboara amin’ity andiany vaovao ity.

Tanya.R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny lesona goavana tsoahina avy amin’ny fiainana dia ny fahaizana mitony. Fehezo ny tena ho tony, na inona na inona miseho, mety io ho fiainana milamina, mety io ho fiainana mandratra."

**Ny Vetso (07.06.16)**

("One of best lessons you can learn in life is to master how to remain calm." Catherine Pulsifer)

Fantina

Fanalana kankana anaty tsinay

# Ireo voankazo sy legioma azo ampiasaina

*Amin'ny vanim-potoanan'ny orana tahaka izao matetika no hidiran'ny kankana anaty vatana vokatry ny fotaka sy ny loto miparitaka. Maro ny fanafody azo avy amin'ny zavamaniry ahafahana mamono azy ireny, saingy kendrena tsara kosa mba ho isaky ny tsinambolana no mihinana azy. Voankazo sy legioma misy eto amintsika avokoa ireo ary saika ahitana azy manerana ny faritra.*

**Tongolo gasy**

Fanafody mahery ny tongolo gasy, ny kankana rehetra dia tsy tia tongolo gasy, ary tsy misy parazita tsy matin’ny tongolo gasy. Azo hanina tsakoina amin’izao izy rehefa maraina vao mifoha mbola tsy misakafo ary atao herinandro misesy, saingy esorina ilay toy ny tsinay kely anatin’ny tongolo gasy iny. Ho an’ny ankizy dia totoina ny tongolo gasy hasiny 2 ary afangaro amin’ny ronono 1/2 litatra. Avela 5mn ambony afo ary omena tapaky ny vera ny ankizy, ary ny zokinjokiny kosa 1 vera.

**Tongolobe mena(oignion)**

Potserina ny tongolo ary ilay ranony no ampiasaina, dia sotroina 2 sotro kely isan-kerinandro

Azonao hanina amin’zao koa ny tongolo.

**Diloilo tsy mitampoka**

Misotro diloilo coco 1 sotro kely, maraina mbola tsy misakafo, ary 1 sotro kely hariva alohan’ny hatory, atao mandritra ny herinandro.

**Voam-boatavo**

Maka voam-boatavo iray tanana dia totoina, atao mifangaro amin’ny ronono, dia hanina.

Azo tsakoina amin"izao koa ny voam-boatavo.

**Karaoty**

Atao izay ahazoana ranon-karaoty, dia iny no sotroina maraina alohan’ny sakafo.

**Voam-papay**

Voam-papay iray tanana, alaina dia totoina. Afangaro amin’ny rano mafana amin’ny sakafo no fanao azy.

**Mananasy**

Hanina alohan’ny sakafo maraina ny mananasy.

**Tamotamo**

Vovoka tamotamo 1 sotro kely. Iny vovony iny no afangaro amin’ny rano mafana iray kaopy, dia sotroina alohan’ny sakafo maraina.

**Sakamalao**

Azo hanina amin’izao ny sakamalao fa atao matetika. Tsara kokoa raha totoina izy dia atao amin’ny dite fa tsy asiana siramamy.

**Sakay mena lava (Cayenne )**

Hamainina ny sakay mena, ilay lavalava ireny, dia totoina halemy tsara, dia afangaro amin’ny sakafo.

**Jirofo**

Totoina halemy tsara ny jirofo. Akana iray sootro kely dia afangaro amin’ny rano mafana iray kaopy. Avela hijanona roa minitra vao azo ampisaina, ary alohan’ny sakafo no hisotroana azy.

**Laisoa**

Azo atao lasary, na hanina amin’izao ny fampiasana azy.

**Nangonin’i Tiaray R**



Betsaka ny zava-maniry eto amintsika azo amonoana kankana anaty vatana, fa santionany amin'izany ireo.

Fibatana fonjamby - Lalao Olympika 2024

# Hikatsaka tapakila any Doha i Rosina sy Tojo

*Tsara toerana amin'ny handrombahana ny tapakila amin'ny Lalao Olympika izy mianadahy ireto….*




Nanainga ny alatsinainy lasa teo nihazo an'i Doha Qatar, ny delegasiona malagasy, hiatrika ny fifanintsanana hiakarana amin'ny Lalao Olympika, eo amin'ny taranja fibatana fonjamby. Atleta 2 sangany, ahitana an'i Tojo Andriantsitohaina sy Rosina Randafiarison no lasa any Qatar hiatrika ity "IWF Weightlifting Grand Prix II", izay nanomboka ny 4 hatramin'ny 15 desambra izao. Tsiahivina fa laharana faha-4 maneran-tany no misy an'i Tojo Andriantsitohaina, raha tompondaka lefitra maneran-tany kosa i Rosina Randafiarison. Tsara toerana amin'ny handrombahana ny tapakila amin'ny Lalao Olympika izy mianadahy ireto, ka i Eric Andriantsitohaina no mpanazatra azy any Doha. Raha hiverenana dia efa nandray anjara tamin'ny Lalao Olympika tany Tokyo i Tojo Andriantsitohaina. Ankilany kosa, tsy mbola nandray anjara i Rosina noho ny tsy nahazoany tapakila, na dia nifaninana ho amin'izany aza. Samy manana ny fahaizamanao ary efa zatra miatrika fifaninanana iraisampirenena ngeza izy mianadahy ireto ka antenaina fa tsy ho sarotra amin'izy ireo izany.


**Nanainga ny alatsinainy lasa teo ny delegasionina malagasy, hiady tapakila any Doha.**

**Rabenaivo**

"Raharaha Njiva Rakotoharimalala"

# Mitaona ny mpitia kitra ho tony ny mpanazatra Rakotondrabe Romuald





**Mpirahalahy mianala ny mpilalao sy ny mpanazatra, miaraka amin'ny B.M 12 !**

Manoloana an'ilay fanambarana miezinezina nataon'i Njiva Martin Rakotoharimalala, nitana toerana lehibe teny anivon'ny tambajotrantserasera, dia nivoaka tamin' ny fahanginany ny mpanazatra Rakotondrabe Félix Romuald "Rôrô". Nitaona ny sain'ny rehetra izy, indrindra fa ny mpitia sy ny mpanaraka ary ny mpilalao baolina kitra, mba ho samy ho tony fa efa am-panomanana ny lalao ara-pirahalahiana fanomanantena indroa misesy, hataon'ny Barea de Madagascar, ny tenany sy ny tekinisianina miara-miasa aminy rehetra. Fitenenana tsotra, mamehy hevi-dehibe maro, no nataon'i Rôrô. Tsikaritra fa tsy nisy naneho hevitra sy fisintomana lakolosy firy intsony taorian' izany. Raha fehezina ny hevitra tian'i Njiva novoizina tamin'iny fanambarana nataony iny, dia mahatsapa ny tenany fa mitsinjo ny fitohizan'ny asany any amin'ny kliobany ny sasany amin'ny mpilalao matihanina any ivelany ka tsy mandena fanamiana (maillot) loatra. Tsy miady, tsy mamono tena, tsy manome "maximum", matahotra ny maratra, hoy ny mpiondana kitra. Ny valala misy ary ny mpilaza koa mahay ! Noharaotin'ny sasany, nanaratsiana an'i Njiva ny teny nataony ho mpankahala vahiny sy miseho "milay", ary ny maro hafa tsy hary ho tanisaina etoana avokoa. Ny hevitra moa tera-bary ka samy manana ny fanakarany ny hevitr'i Njiva ny rehetra. Tsy vitsy koa ny nanohana azy tamin'ny teny nataony. Ny isavorovoroana, hoy ny Ntaolo, hilantoana ! Tohanana ny hevitry ny mpanazatra Rôrô. Azo antoka fa tafita any aminy ny hevitra « mangidy » sy « mamy », izay ataony toy ny fihinam-boankazo ny fitelemana azy ka fantany ny hanimba ny ekipampirenena. Etsy andanin' izany koa anefa dia tsy azo tsinontsinoavina sy odiantsy hita iny hevitra novoizin'i Njiva iny. Tsy te hanandratsy ny lehilahy ka saropiaro amin'ny hoavin'ny Barea de Madagascar. Te hamerina ny lazan'ny firenentsika, toy ny tamin'ny CAN 2019 ny tenany, fa tsy hivalona ho tantara fotsiny ihany sisa.

**aris rafaly**

Kitra - Ligin'i Melaky

# Mpitsara 31 no niofana



**Tafiditra anatin'ny laharam-pahamehana ho an'ny ligin'i Melaky izao fampiofanana izao.**

Tontosa ny zoma 1 desambra lasa teo ny fampiofanana ireo mpitsara, ho an'ny ligin'i Melaky, eo amin'ny taranja baolina kitra. Miisa 32 no nanaraka izany, izay tafiditra anatin'ny fanamafisam-pahaizana ihany. Ireo mpitsara sy mpitarika klioba teo anivon' ny seksiona Maintirano no niatrika izany, notarihin'ireo mpampiofana iraisam-pirenena, Jinoro Velomanana Ferdinand, mpitsara iraisam-pirenena, sy Rolland Gabriel, mpampiofana nasionaly. Notolorana "Certificat de participation" avokoa ireo mpiofana rehetra taorian'ny fampiofanana. Anjaran'ny distrika sy seksiona Antsalova, Morafenobe, Ambatomainty ary Besalampy indray no handray izany fiofanana izany amin' ny manaraka. **Rabenaivo**

AJESAIA

# Averina fanindroany ny "Tournoi Grand TANA V.2"



**Tonga hitily ny fahaizan'ny boaikely ny vahiny !**

Noho ny fangatahan'ny ekipa maro, tsy nandray anjara tamin'ny "Tournoi Grand Tana", notanterahina tamin'ny volana ambony, dia nanapa-kevitra Atoa Jasmina Ravelonarivo sy ny ekipany ka namerina ny fifaninanana ampitondraina ny lohateny hoe « Tournoi Grand Tana Version 2 ». Novaina ho eny amin'ny kianja syntetika "R.B Soccer – Foot à 7"-n'i Betavoahangy Andranonahoatra Itaosy ny lalao, ka amin'ny faran'ny herinandro ho avy izao no hanaovana azy (sabotsy 09 – alahady 10 desambra 2023). Natokana ho an'ny sokajy latsaky ny 10 sy 13 taona irery ny fifaninanana. Hifarana anio mitataovovonana ny fisoratana anarana ho an'ny ekipa maniry handray anjara (Birao Ajesaia - Ampitan'ny Horizon Tanikatsaka). Ny tolakandro (3 ora) kosa no hanaovana ny fivoriana aratekinika, isarihana ny ekipa hiray vondrona. Tokony hanatrika an'izany avokoa ny solontenan'ny ekipa mpifaninana rehetra. Tsetsatsetsa tsy aritra no anamarihana fa fanomanana ny fiadiana ny tompondakampirenen'ny AJESAIA, tanterahina any Moramanga amin'ny faramparan'ity volana ity izao fifaninanana izao.

**a.r**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### A VENDRE

* Grand frigidaire XT CR 195L, très bon état, 6 Millions Fmg. Tél : 032.07.717.61. (G-BA 700/1)

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 688/20-19)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 669/6-4)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 698/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 698/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 698/6-5)

Itaosy

# Lehilahy hita faty, nisy tsatoka antsy ny vatany

Nandriaka ny rà teo amin'ny arabe. Tovolahy iray sahabo ho 25 taona eo ho eo no hita faty voalaza fa nisy namono teo akaikin'ny fasana, etsy Ambohijanamasoandro Itaosy, omaly vao maraina. Rehefa natao ny fizahana ny razana dia nahitana tsatoka antsy iray teo amin'ny vatana. Io no heverina fa nahatonga ny fahafatesan'ity tovolahy ity, araka ny fanazavana. Ny fokonolona teny an-toerana no nahita ny vatana mangatsiaka ka nampandre avy hatrany ny mpitandro filaminana. *"Nilaza ny mponina nanatrimaso fa fotsy fihodirana ilay tovolahy, manao Jogging ambony ambany misy "capuche" miloko mainty misy kisary manga sy jogging manga. Tsy nisy taratasy na karapanondro, na nisy zavatra hafa hita teny aminy, mety hamantarana ny mombamomba azy"*, hoy ireo nanatri-maso. Taorian'ny tranga dia tonga nanao ny fanadihadiana teny ifotony ny polisin'ny kaomisarian' Itaosy. Mandeha ny fikarohana ny mety ho nahavanon-doza. Ankoatra izay dia tsy mbola fantatra ihany koa izay mety ho fianakavian' ilay namoy ny ainy. Nafindra any amin'ny tranom-paty hopitaly Hjra ny razana mandra-piandry ny havany.



Nifanampy nikarakara ny razana ny fokonolona.

Deyland

Soamanatombo

# Zazakely nisy nangalatra hita teny Andoharanofotsy, olona 3 voasambotra

Zazakely vao herintaona monja no very teo amin'ny tsenan'i Soamanatombo, ny alakamisy lasa teo. Raha ny fanazavana dia mpivarotra eo ny renin'ilay zaza ka napetrany tamin'ny ankizy iray teo ilay zaza. Tsy hitany tampoka anefa ilay zaza sy ilay ankizy nitaiza azy. Natao ny fikarohana teo amin'ny manodidina fa tsy hita mihitsy ireo. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka nanomboka ny fanadihadiana sy ny fikarohana. Voalaza fa nitaky vola mitentina fito hetsy Ariary tamin'ny renin'ilay zaza ireo olon-dratsy ho sandan'ny famerenana an-janany. Teo anatrehan'izany dia natao ny fanadihadiana ka fantatra fa eny amin'ny fokontany Atalata, kaominina Ampanefy Atsimondrano, no misy ilay zaza sy ramatoa iray mitazona azy. Nidina teny avy hatrany ny zandary avy ao Andoharanofotsy ka tratra tao amin' ilay trano voalaza tokoa ilay ramatoa sy ilay zazakely.

**Saika hamidy**

Fantatra nandritra ny famotorona natao ilay ramatoa fa nokasainy hamidy io zaza io. Niaiky ny heloka vitany izy araka izany. Nisy vehivavy iray sy ankizivavikely vao roa ambinifolo taona monja ihany koa voaroahirohy ho mpiray tsikombakomba tamin'ilay ramatoa tamin'ity hala-jaza ity ka nosamborina. Efa naverina amin'ny ray amandreniny ilay zaza rehefa notazonin'ireo olon-dratsy nandritra ny efatra andro teo. Asa, nanao ahoana loatra ny nitaizainy ilay zaza nandritra izany sy ny sakafo nomeny azy. Mila mailo foana ny rehetra fa misy indray ny mpangala-jaza amin'izao.

R.C

Ankilivalo-Mahabo

# Mahery vaika ny fifandonan'ny miaramila sy ny dahalo

Mbola anatin'ny fampandrian-tany tanteraka ao amin'ny faritra Menabe ao ny mpitandro ny filaminana. Misy miaramila maromaro any an-toerana amin'izao , izay mifanandrina tanteraka amin'ireo dahalo. Ny herinandro teo, raha tsiahivina, dia nisy omby 200 mahery tafaverina tamin'ny tompony. Nisy ny olona-dratsy lavon'ny bala. Andanin'izay nisy miaramila sy sivily ihany koa voatifitry ny fahavalo, toy ny tao amin'ny fokontany Bâtiment, kaominina Ankilivalo, distrikan'i Mahabo, tamin'ny sabotsy teo. Tsy nijanona ny asa fampandrian-tany fa nitohy tao amin'io toerana atao hoe Ankilivalo io ihany. Raha ny tatitra voarainay dia nisy ny fifampitifirana teo amin'ny miaramila sy ny dahalo ireo. Betsaka tamin'ireo tsy mataho-tody no naratra ka nentin'ny namany nitsoaka tao amin'ny fokontany Andevinomby, kaominina Ankilivalo. Nahitana rà niparitaka eraky ny lalana nandosiran' ireo dahalo ireo, ary nihazo ny fokontany Andaboloaka, kaominina Analamitsivala, izy ireo. Niditra tao ireto mpitandro filaminana kanjo nirefotra tampoka ny basy. Nisy olona nitifitra azy ireo tao amin'io toerana io ka raikitra ny fifamaliana tifitra.

**Tsy mihemotra**

Taorian'ity fifanatrehana ity dia vaky nandositra ny mponina tao amin'ny tanàna io. Izany hoe nandositra avokoa rehefa nahare ilay poa-basy nifanesy. Tsara ny mampahatsiahy fa tamin'ny sabotsy teo dia nisy miaramila 2 naratra voatifitry ny dahalo. Nanao tifitra ampitaka ireto olon-dratsy ireto tamin'ny miaramila manao ny hetsika « LOPINGO » ao amin'ny kaominina Ankilivalo. "Malaso nanao fakana an-keriny izy ireo tao amin' ny fokontany Bâtiment. Nony naheno poa-basy ireo miaramila manao hetsika "LOPINGO", raha mbola teo am-pisakafoana hariva, rehefa avy nanao fisafoana, dia nivoaka avy hatrany mba hijery ny zava-misy. Vao nivoaka anefa izy ireo dia nisy nitifitra ka voa ny roa lahy tamin'izy ireo, ary nisy vehivavy sivily iray koa voatifitra teo amin'ny kibony. Mbola mitohy ny fampandrian-tany any Mahabo. Tsy mihemotra rahateo ny mpitandro filaminana. **Deyland**

Ambatondrazaka

# Jiolahy 2 maty voatifitry ny zandary

Jiolahy roa no maty voatifitry ny zandary ny alin'ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Nahazo loharanom-baovao ny mpitandro filaminana mikasika ny fisian'ny andian-jiolahy mandeha amin'ny lalana hihazo an'Amboaboatavo, kaominina Ampitatsimo, any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka. Araka fantatra dia nanomana fanafihana ry zalahy ireo tamin'io fotoana io. Raha vao nahafantatra izany ny mpitandro filaminana dia nidina tany an-toerana. Nifankahatratra ireo jiolahy sy ireo zandary tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambalatavoahangy ka jiolahy dimy no voasambotra nandritra izany. Ny telo lahy namany kosa tafatsoaka niaraka tamin'ny fitaovam-piadiana, nandeha nianavaratra nihazo nankany amin'ny toerana antsoina hoe Kafé. Teny an-dalana, teny am-pitondrana ireo olona voasambotra, anefa, rehefa teo amin'ny toerana antsoina hoe Miadandririnina, any amin'ny kaominina Feramanga avaratra, toerana efa fiafenan'izy ireo. Nanararaotra ny andro maizina ny jiolahy roa ka nitsiry ny hevi-dratsin'izy ireo ary nandeha nitsoaka.

**Tsy nanaiky**

Nomena fampitandremana mba hijanona izy ireo saingy tsy nanaiky izany ry zalahy fa nanohy ny lalany ihany. Voatery nampiasa ny basiny ny mpitandro filaminana ka nitifitra azy ireo ary nitarika ny fahafatesan'izy ireo izany. Taorian'ny fizahana natao dia natolotra ny fokonolona ao Miadandririnina ireo razana mandrapahatonga ny fianakaviany haka azy. Araka ny fanampim-panazavana dia anisan'ny asa ratsy mahavoarohirohy ny iray amin'ireto maty ireto ny resaka fanolanana, fikambanan-jiolahy ary koa amin'ny resaka fakana an-keriny arahina fitakiam-bola. Mitohy ny fanadihadiana.

T.H

Andry Bihary

# Karohin'ny zandary noho ny fanaovana hosoka

Namoahan'ny zandary filazana fikarohana Andriamanjaka Jean Luc Fabien, antsoina amin'ny solon'anarana hoe Andry Bihary. Fanaovana hosoka taratasim-panjakana sy fisolokiana no itadiavana azy. Misy ny didy fampisamborana, na ny « mandat d'arrêt » laharana 9184/23/s16-041-23/j3 tamin'ny 24 oktobra 2023, avy any amin'ny fitsarana. Nanamafy ny mpitandro ny filaminana mandray an-tanana ny fanadihadiana fa tsy misy idiran'ny politika ny antony hikarohana an'i Andry Bihary fa raharaha manokana momba azy mihitsy. Na dia efa fantatra aza izany fa any ivelany ity raim-pianakaviana ity no mipetraka dia tsy maintsy hatao ihany izao didy fikarohana izao, araka ny fanazavan'ny kolonely lehiben'ny « Service des affaires criminelles et spéciales » ao amin'ny zandary Toby Ratsimandrava. Andrasana araka izany ny tohin'ny fanadihadiana ny raharaha. Marihina fa tsy mitsahatra maneho hevitra mifono fanoherana ara-politika ity mpandraharaha karohina ity ao amin'ny tambajotran-tserasera. Anisan'ny noresahiny ihany koa ny mikasika ilay raharaha angidim-by an'ny tafika izay nianjera. Taorian'io dia nanasa azy ny jeneraly Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimariampirenena. Ity farany dia nangataka porofo ny amin'ny filazan'i Andry Bihary fa nisy fifampitifirana tao anatin'io angidim-by io, saingy tsy nisy akory izany.

Deyland






MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Saika




## Hatsikana an-tsary

Mikatom-bava




## Masoandro Miposaka

**Jaona 13 : 31-32**

31 Ary tamin'izay, nony efa nivoaka izy, dia hoy Jesosy: Ankehitriny dia efa ankalazaina ny Zanak'olona; ary Andriamanitra no ankalazaina eo aminy.
32 Ary Andriamanitra kosa hankalaza Azy amin'ny tenany; eny, hankalaza Azy miaraka amin'izay Izy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Izay tsy miady olom-bodo ; fa izay tofo mpamosavy.**

Celui qui ne veut pas se battre est un nigaud ;mais celui qui ne démord de rien est un sorcier.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3117**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | 1 | | | 4 | | | |
| | | | | | | 4 | 5 | |
| | 4 | 3 | 6 | | | 1 | | |
| | 5 | 6 | | | | | | 1 |
| 2 | 1 | 9 | | | | | 4 | |
| 3 | | | | 2 | 8 | | | 5 |
| 1 | | 5 | | 9 | 3 | | 6 | 7 |
| 4 | | | | 6 | | | 2 | |
| 6 | 3 | 8 | 2 | | 5 | | | |

Valin'ny laharana **3116**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | 1 | 6 | 2 | 8 | 3 | 9 | 5 |
| 2 | 5 | 9 | 4 | 1 | 3 | 6 | 8 | 7 |
| 3 | 8 | 6 | 5 | 9 | 7 | 4 | 1 | 2 |
| 5 | 3 | 4 | 1 | 7 | 9 | 2 | 6 | 8 |
| 9 | 1 | 8 | 3 | 6 | 2 | 5 | 7 | 4 |
| 6 | 2 | 7 | 8 | 5 | 4 | 9 | 3 | 1 |
| 7 | 6 | 3 | 2 | 4 | 1 | 8 | 5 | 9 |
| 1 | 4 | 5 | 9 | 8 | 6 | 7 | 2 | 3 |
| 8 | 9 | 2 | 7 | 3 | 5 | 1 | 4 | 6 |

Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara (CSM)

# Nikirakira raharaha 3 188 nandritra ny taom-piasana 2021-2023

Nifarana hatreo ny taom-piasana 2021-2023 ho an' ireo mpikambana teo aloha mandrafitra ny Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara, na CSM. Tao anatin'izay telo taona niasany izay dia nikirakira raharaha 3188 ny CSM. Ny 13 isan-jaton'izany no mahakasika ny fitsipi-pitondrantenan'ny Mpitsara. Ny ankoatra izay mikasika ny fitantanana ny asan'ny Mpitsara. 500 ny fanapahan-kevitra tamin'ny famindran-toerana. 11 no isan'ny fanendrena ireo tomponandraikitra isan'ambaratonga eny anivon'ny sampampitsarana, ary 62 ny fangatahana fiofanana. Hita taratra amin'izao fa najoro ho fitantanana ny ho avy araka asan'ny Mpitsara manerana ny nosy ity rafitra ity. Misy ny fanapahankevitra raisina momba izany na fanasaziana na fampitandremana azy ireo vokatry ny zavatra nataony teo am-panatontosana ny asany.



Ireo mpitsara tonga nanatrika ny famaranana ny taom-piasan'ny CSM tetsy Antaninarenina.

Amin'ny maha Filoha lefitry ny CSM ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana sady minisitry ny Fitsarana dia tonga namarana izany taom-piasana izany sy ny nisaotra ireo mpikambana teo aloha teny Antaninarenina omaly Rtoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana. Nisy ny taratasy maripankasitrahana natolony ho fanamarihana fa tontosa soamantsara ny asan'ireo mpikambana. Ankoatra io dia niarahaba manoakana ireo mpikambana vaovao handrafitra ny CSM mandritra ny taom-piasana 2023-2026 ihany koa ny tenany. Marihina fa 20 ny isan'ireo mpikambana mandrafitra ny CSM ary efa vita ny fifidianana ireo mpikambana vaovao avy amin'ireo sampampitsarana isan-tsokajiny. Notsahivin-dRtoa Minisitra nandritra ny fandraisampitenenana nataony tamin' izany fa tsy mora ny andraikitr'ity rafitra ity noho izy misahana ny fanapahankevitra mikasika ny Mpitsara, nefa tsy maintsy tanterahina.

**JUDD**

Fiarovana ny ala

# Notoloran'ny Banky Iraisampirenena 8,8 tapitrisa Dôlara i Madagasikara

Nody ventiny ny rano nantsakaina. Natolotry ny Banky Iraisampirenena ho an'i Madagasikara afak'omaly 4 desambra ny vola 8,8 tapitrisa Dôlara (eo amin'ny 40 miliara Ariary) avy amin'ny tahirimbola FCPF (Fonds de Partenariat pour le Carbone Forestier), noho ny nahafahana nampihena 1,76 tapitrisa taonina ny fanapariahana etona mpanimba tontolo iainana ho an'ny taona 2020. Madagasikara no firenena fahatelo aty Afrika nahazo ity vola ity taorian'i Mozambika sy Ghana, tamin'ny alalan'ny fampihenana ny fandotoana ny tontolo iainana avy amin'ny fanimbana ala. Ny 10 isanjaton'ny tany eto no voakasik'ity fandaharanasa ity, izay mivelatra eo amin' ny 7 tapitrisa hekitara amin' ny ala mando any atsinanan'ny Nosy. Mitentina 50 tapitrisa Dôlara ny vola vinavinaina hivoaka avy amin'ity fandaharanasa ity mba hampihenana 10 tapitrisa taonina ny fanapariahana etona mpanimba tontolo iainana ao amin'ny ilany atsinanan'ny Nosy hatramin'ny fiafaran'ny taona 2024. *"Mandray anjara amin' ny fanoherana sy ny fanalefahana ny fiovaovan'ny toetr'andro ny ala amin'ny ilany atsinanan'ny Nosy amin'ny alalan'ny fitehirizana ireo haren-javaboary sy ny fiarovana ireo lemaka ary ny fanalefahana ireo haintany sy tondradrano. Manampy amin'ny fiarovana ireo ala sisa tavela ity fandaharanasa ity, izay tena iankinan'ny fiainan'ireo mponina eny ifotony sy ny firenena manontolo mihitsy"*, hoy Atou Seck, tomponandraikitra eo anivon'ny Banky Iraisampirenena. **R. Muray**

Hery Rajaonarimampianina

# "Mitohy ny tolona ho amin'ny famerenana ny tany tan-dalàna"

Taorian'ny antoko Tiako i Madagasikara dia nikaondoha sy nametrapetraka ireo paikady rehetra hanohizana ny tolona ihany koa ny birao politikan'ny antoko Hery Vaovao ho an'i Madagasikara notarihan'Ing. Hery Rajaonarimampianina, omaly. "*Tsy maintsy tohizina ny tolona ho amin'ny famerenana ny tany tan-dalàna sy fitakiana ny rariny sy ny fahamarinana eto amin'ny firenena* », hoy io Filohampirenena teo aloha io taorian' izany. Nohamafisiny nandritra izany fa vonona sy sahy mijoro amin'izany ady ho an'ny Tanindrazana sy ny Taninjanaka izany ny antoko HVM. « *Tsy maintsy mijoro isika miady ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka maro an'isa sy ho an'ny hoavin'ny taranaka*", hoy hatrany ny teniny tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa manomboka mahazo vahana eo anivon' ny fanoherana ny fomba fiasa sy toe-tsaina samy mandeha samy mitady amin'izao fotoana izao, raha tsy hoe izay mihitsy ny paikady vaovao heverin'izy ireo hampahomby ny tolona. Misy mihitsy aza ireo milaza fa miady samy te ho lohany ireo nakamban'ny fanoherana ny Filoha Andry Rajoelina amin'izao vanimpotoana aorian'ny fifidianana izao. Na izany na tsy izany, tsikaritra ho tsy mifanalavitra aloha hatreto ny fanehoan-kevitra aroson'ireo samy mpitarika ny vondron'ny kandida rehefa mamoaka fanambarana ifandimbiasana izy ireo. Itovian'ireo mpilatsaka hofidiana ireo hevitra amin' izany ny fanohizana ny tolona, saingy ny mbola baraingo amin'ny mpanaradia azy hatramin'ny anio dia hoe hiseho amin'ny fomba sy endrika toy ny ahoana ny fanatanterahana izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mankany mankany ve...!

**Ny alatsinainy lasa teo izany no navoaka ny fonja ary nihazo ny hôpitalim-panjakana iray eto an-drenivohitra i Paul Maillot Rafanoharana, nohelohin'ny fitsarana malagasy ho atidoha nikotrika ny raharaha "Apollo 21". Ny andron'iny ihany anefa dia fantatra fa naverina eny Tsiafahy io teratany malagasy mizaka ny zom-pirenena frantsay io. Toy ny mateti-pitranga moa dia tsy nisy nipika ny vaovao manodidina izany, ankoatra ny fahitana azy teny amin'ny toeram-pitsaboana. Manoloana izany dia maro ny fanontaniana manitikitika ny saina, toy ny hoe: Tratran'ny tsy fahasalamana ve ny lehilahy ka nentina notsaboana ? Raha eny, nahoana no naverina any am-ponja indray ? Fanontaniana hafa mby ao antsaina ihany koa ny hoe: Sao dia efa mankany mankany ve, izany hoe homen-dalana ho any ivelany ny lehilahy? Tsiahivina mantsy fa efa nangataka ny hamoahana amponja an'i Paul Rafanoharana ny mpisolovava azy tamin'ny fotoan'androny ka hahafahany manohy ny saziny any ivelany, izay asa an-terivozona mandritra ny 10 taona, saingy nolavin'ny fitsarana izany. Ny mifanohitra amin'izany kosa anefa no nitranga tamin'i Phillipe François, teratany frantsay, voarohirohy tamin'io raharaha fikasana hifofo ny ain'ny filoham-pirenena, tamin'ny fotoan'androny, saingy tafavoaka any ivelany rehefa nanao izay ho afany tamin'ny fanelanelanana ny mpiray tanindrazana aminy. Andrasana atsy ho atsy izany izay hitranga. Andrasana toy izay ihany koa sao mba hidiran'ny fanahy masina ny tompon'andraikitra isan-tokony, amin'izao fiafaran'ny taona izao ka hanome baiko hamoahana ireo gadra pôlitika mbola any amponja !**

Voahangy Rakotozafy

Mitohy ny fandikan-dalàna

# Saingy mahagaga fa toa mangina ny fitsarana mahefa

Alohan'ny 16 desambra, fotoana napetraka hanaovan'ny filoham-pirenena vaovao fianianana dia mbola tsy tokony handray ny andraikiny ny filohan'ny Repoblika. Io, raha tsiahivina no anisan'ny nambaran'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana, saingy tamin'ny fomba hafa, narahin'ny andinin-dalàna mamaritra izany, nandritra ny lanonana ôfisialy nampahafantarana ny voka-pifidianana sy izay kandidà nandresy. Nanatitra ny maro anefa ny nahita ny kandidà laharana faha-3 anisan'ireo filoham-panjakana nanatrika ny fivoriana mahakasika ny fitadiavam-bahaolana manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro, notanterahina tany Dubaï, nanomboka tamin'ny 30 nôvambra lasa teo. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe: efa filoha ve izany ny tenany na dia mbola tsy vita fianianana aza, sa inona no titra nentiny nandray anjara tamin'ny fivoriana? Antenaina fa hitondra fanazavana mahakasika izany ny fitsarana miantoka ny fampanajana ny lalampanorenana, mba tsy hampiroaroa saina ny vahoaka. Raha tsy izany dia mahagaga sy mampieritreritra ny fahanginan'ny fitsarana mahefa. Naverimberina nandritra ny lanonana notanterahina teny Ambohidahy farany teo anefa ny tokony hanajana ny lalàna, indrindra ny lalampanorenana!

**V.R.**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

COP 28

# Niantso ireo mpiara-miombona antoka ny minisitry ny rano

*53 isanjaton'ny Malagasy no misitraka rano fisotro madio.*

Mandray anjara amin'ny COP 28, tanterahina any Dubaï nanomboka ny 30 novambra ka hatramin'ny 12 desambra ho avy izao, ny delegasionina malagasy. Nandritra ny "Wash Day", na andro natokana ho an'ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, tao amin'ny tranoevan'i Madagasikara omaly, no nanaovan'ny minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana antso fifanomezan-tanana amin' ireo mpisehatra rehetra mandray anjara ao anatin'ity fivoriambe momba ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetr' andro ity. *"Tsy afaka mandeha irery ny fanjakana amin'ny fanatrarana ireo ezaka maika samihafa, dia ny fanomezana rano fisotro madio sy toeram-pidiovana ary fanadiovana mendrika ho an'ny vahoaka malagasy. 53 % ny tahan'ny fisitrahan'ny Malagasy rano fisotro madio, ary 39% ny tahan'ny fisitrahana fotodrafitrasan'ny fanadiovana fototra ilain'ny vahoaka. Ilaina araka izany ny fanafainganana ny fanatrarana ny ODD 6, na fanomezana rano fisotro madio sy toeram-panadiovana ary fidiovana mendrika alohan' ny taona 2030, amin'ny alalan'ny fisokafana amin' ny fiarahamiasa amin'ireo mpiara-miombona antoka ara-bola sy ara-teknika sy amin'ny sehatra tsy miankina. Mila vola isika, ankoatra ny volam-panjakana dia mila misitraka ireo famatsiam-bola manodidina ny fiovaovan'ny toetrandro i Madagasikara."*, hoy ny Minisitra Fidiniavo Ravokatra. Noresahina nandritra ity "Wash Day" ity ireo lalana sy dingana vitan'i Madagasikara ary ny tanjon'ny sehatry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana amin'ny ady atao amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Anisan'ny nifampizarana tamin'io fotoana io ny tetikasan'ny fitondram-panjakana malagasy amin'ny fitarihana ny reniranon'i Efaho hoentina mamatsy rano ny faritra Anosy sy Androy.




**Naneho ireo ezaka vita teo amin'ny sehatry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana ny delegasionina malagasy.**

**R. Muray**

Oniversite tsy miankina

# Nitombo 60 isanjato ireo mpianatra nisoratra anarana

Manoloana ny fitokonana nataon'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra naharitra ambolana maro teny amin'ny anjerimanontolo. Nitombo 50 isanjato ireo mpianatra nisoratra anarana nisafidy hanaraka ny fampianarana eny amin'ny oniversite tsy miankina, raha ny eto Antananarivo Renivohitra. *"Raha efa mamaramparana ny taom-pianarana ho an' iny taom-pianarana iny izahay amin'izay ka efa manomana ny fidirana amin'ny taom-pianarana vaovao dia efa hita sahady fa efa niakatra 60 isanjato raha mitaha amin'ny taon-dasa ny isan' ireo mpianatra vao hiditra ato aminay. Misy ireo ray aman-drenin'ny mpianatra tonga eto aminay milaza fa lasa tara ny fahavitan'ny zanak'izy ireo fianarana raha hanaraka ny fampianarana eny amin'ny oniversitem-panjakana"*, hoy ny Tale jeneralin'ny oniversite tsy miankina iray eto Antananarivo Renivohitra taminay. Saika isaky ny taompianarana no ahitana olana ka tsy maintsy hisian'ny fahatapahan'ny fampianarana ny eny anivon'ny oniversitem-panjakana, hoy ireo mpianatra taminay. Amin'izy ireo dia ny fahazoana asa raha vao vita ny fianarana ambony no laharam-pahamehana amin'ny mpianatra, sady eken'ny fanjakana koa ny diplaoma azo amin'ny oniversite tsy miankina. Araka ny fandihadiana nataonay dia nilatsaka 40 isanjato ny isan'ireo mpianatra manaraka ny fampianarana ampitaindavitra amin'ny fanjakana. Ity farany anefa no mba afaka manampy an'ireo mpiasa mbola manohy fianarana, sy mba zakan'ny zanaka malagasy manana fahasahiranana ara-pivelomana.

**HAR**

Taom-pianarana 2023-2024

# Hiditra eo anelanelan'ny 11 desambra 2023 hatramin'ny 15 janoary 2024

Tapaka nandritra ny fivoriamben'ny filohan'ny oniversite manerana ny Nosy niaraka tamin'ny ministiry ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiantifika fa hanomboka eo anelanelan' ny 11 desambra 2023 hatramin'ny 15 janoary 2024 ny taom-pianarana ho an'ny taona 2023-2024 manerana ny oniversite 6 sy IST 3 manerana ny Nosy. Voalaza nandritra izany fa mbola misy ampahany amin'ireo oniversite no tsy nahavita hatramin'ny farany ny taompianarana 2022-2023 ka nanambara fa hiezaka hatramin'ity faran'ny taona ity hamita izany. Manantsafidy amin'ny fandaminana ataony ireo sekoly ambaratonga ambony miankina amin'ny fanjakana rehetra fa tsy maintsy eo anelanelan'io vanim-potoana voatondro io no hanombohan'ny fampianarana. Na izany aza anefa, ferana hatramin'ny 25 janoary 2024 ny fisoratana anarana ho an'ireo mpianatra L1 hatramin'ny Master. Mahakasika manokana ireo "Ecoles Doctorales" dia ny 15 janoary 2024 ka hatramin'ny 15 febroary 2024 ny fidirana. Saika isan-taona dia ahitana fitokonana sy korontana foana eny amin' ny oniversitem-panjakana eto amintsika. Nandritra ity taom-pianarana mifarana ity dia saika efa ho 4 volana mahery ny mpianatra sasany no tsy nianatra raha ny teny anivon'ny oniversiten'Antananarivo no resahina. Samy mahalala ny voka-dratsy aterak'izany fiatoan'ny fampianarana izany ny rehetra, indrindra fa ireo mpianatra lavitra ray aman-dreny, na amin'ny fiainana ankapobeny izany na amin'ny resaka fampianarana mihitsy. Niafara tamin'ny fisamborana ny filohan'ny Seces Tana, izay voalaza fa manohintohina ny fiandrianampirenena, niampy vesatra hafa.



**Ny COPRIES no mamaritra ny fandaharam-potoana rehetra eny amin'ny oniversite manerana ny Nosy.**

**Nath**

Antananarivo

# Nisy fahatsarana ny kalitaon'ny rivotra

Ato anatin'ny telo andro, ny toetrandro misy eto Andrenivohitra sy ny manodidina dia manampy amin'ny fivoahan'ireo singa mandoto ny rivotra iainana. Na izany aza anefa, azo ambara fa nihatsara ny kalitaon'ny rivotra raha ny nambaran'ny foibe famantarana ny mety ho toetry ny andro. Nisy ny fitiliana rivotra natao teny Andraharo ka tamin'izay no voalaza fa manodidina ny 38 ?g/m$^3$ ny maridrefin'ny loto misy. Eny Soanierana kosa, 40 ?g/m$^3$ ny refin'ny loton'ny rivotra ary 40 ?g/m$^3$ toy izay ihany koa eny Antsakaviro. Manodidina ny 33 ?g/m$^3$ kosa eny Ampandrianomby ary 31 eny Andranomena. Azo ekena izany taha izany raha oharina amin'ny fenitra napetraky ny OMS. Na izany aza dia tokony hitandrina ny olona marefo ara-pahasalamana. Tafiditra ao anatin'izany ireo ankizy sy ny be antitra ary ireo manana olana ara-pahasalamana.

**Nath**

Naivo Raholdina

# "Kianja ho an'ny vahoaka io ao Tsarahonenana io"

Misy ny tsaho nataon'ny tompon'ny tany teo aloha, mitarika korontana handrodanana an'ireo trano manodidina ny kianja eny Tsarahonenana. Ny mifanohitra amin'izany no tena zava-misy marina fa kianja ho an'ny vahoaka io ary tsy misy tamboho na trano harodana izany eny Tsarahonenana ka *"mbola manamafy izahay fa ny Filoha Andry Rajoelina no teo amin'io kianja io nanambara tamin'ny fomba ofisialy fa hatao kianja manara-penitra io, ary efa mandeha ankehitriny ilay tetikasa, afaka andro vitsivitsy, tsy hisy volana akory dia ho vita io kianja synthétique io. Tsy misy trano harodana na tamboho hazera eo amin'ny manodidina. Tsara ho fantatry ny vahoakan'i Tsarahonenana fa io kianja efa 50 taona mahery io no nalain'ny fanjakana. Nataony "expropriation pour cause d'utilité publique", izany hoe ho tombontsoam-bahoaka ary honerana vola izay olona misoratra amin'io tany io ka efa an-dalam-panaovana an'izany ny tomponandraikitra. Noho izany, tsy tokony hirohoroho saina ary tsy hanaiky tarihin'olona hanakorontana ka ho sahirana eo ny vahoaka manodidina"*, hoy ny depiote Naivo Raholdina. Nomarihin'ity farany fa tsy maintsy hazera izay zavatra rehetra manelingelina eo ambonin'io tany io, ka tsy maintsy narodana ilay tamboho nentina nanakana ny fanamboarana ny kianja. *"Handray fepetra hentitra ny mpitandro filaminana sy ny tomponandraikitra amin'ireo olom-bitsy mbola mikasa hanakorontana sy hanimba zavatra eny. Minatso ny vahoakan'i Tsarahonenana ho tony, satria ho faly ianareo fa sady endriky ny tanàna izay kianja manara-penitra izany"*, hoy hatrany ny depiote Naivo Raholdina. Ny "Collège de France" ihany moa no manana kianja "synthétique" raha ny ao amin'ny boriborintany fahadimy. Tsy ho ela dia mba hanao baolina eo amin'izany kianja vaovao izany ihany koa ireo mpianatra sy ny tanora rehetra ao anatin'ny fokontany 27.

**HAR**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 420 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Risotto

<u>*Zavatra ilaina :*</u> vary fotsy lavalava fanao vary maina, toy ny makalioka na mitovitovy amin'ny « madrigal » taloha. Olatra 1 kapoaka na 300g, fromazy nokikisana 100g, divay fotsy 2 vera, ranonjumbo, tongolo gasy 6, tongolo maitso, crème fraîche 3 sotro lehibe, persily notetehina madinika, sira sy dipoavatra
Karakarao ny olatra : diovy tsara dia teteho avy eo. Hafanao ny dibera anaty lapoaly dia endao ao ny tongolo gasy. Tandremo sao may. Arotsahy ao avy eo ny olatra dia andrahoy amin'ny afo malefaka, asio mersily kely. Asio divay 5 sotro lehibe avy eo dia andrahoy. Arotsahy ao koa ny crème fraîche, sira sy dipoavatra. Arotsahy avy eo ny vary efa madio sy nohamainina ka harohoraoana hatrany mandrapiovany loko. Araraho ao ny fanampin-divay dia tohizo ny fanamasahana. Rehefa masaka ny vary dia arotsahy ao ny fromazy sy olatra.

Arosoy mafana tsara rehefa masaka ny sakafo.